Malagasy

# Right Before Our Eyes

By Elder Ronald A. Rasband
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Eo ambany masontsika mihitsy

Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

April 2025 general conference

---

*The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints is growing in members and families, missions and missionaries, meetinghouses and temples.*

*Mitombo isa ireo mpikambana sy fianakaviana, misiôna sy misiônera, trano fivavahana sy tempoly ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.*

Brothers and sisters, I am so grateful to be with you. We love you, we are grateful for you, and we feel blessed by your prayers.

Rahalahy sy ranabavy, tena feno fankasitrahana aho miaraka aminareo. Tianay ianareo, feno fankasitrahana izahay noho ianareo ary mahatsapa ho voatahy izahay noho ny vavaka ataonareo.

President Russell M. Nelson said at our last conference: "Do you see what is happening right before our eyes? I pray that we will not miss the majesty of this moment! The Lord is indeed hastening His work."

Hoy ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fihaonambentsika farany teo hoe: "Hitanareo ve ny zavatra mitranga izay eo ambany masontsika mihitsy? Mivavaka aho mba ho tsikaritsika ny maha-be voninahitra izao fotoana izao! Tena manafaingana ny asany tokoa ny Tompo."

Hastening His work. "Hastening" is a word that matters. It suggests moving quickly, accelerating, and even urgency. In the growth of the Church and the plan of Christ, hastening is happening. And we are all a part of it.

Manafaingana ny asany. Teny iray manan-danja ilay hoe "manafaingana." Midika fandehanana haingana izany, mampitombo ny hafainganam-pandeha ary amin'ny hamehana mihitsy aza. Amin'ny fitomboan'ny Fiangonana sy ny drafitr'i Kristy dia efa mitranga ny fanafainganana. Ary ao anatin'izany avokoa isika rehetra.

In April 1834 in Kirtland, Ohio, the Prophet Joseph Smith gathered all who held the priesthood into a little schoolhouse about 14 feet (4.3 m) square. We could fit dozens of those schoolhouses in this Conference Center, with room to spare. Joseph Smith said, "It is only a little handful of Priesthood you see here tonight, but this Church will fill North and South America—it will fill the world."

Tamin'ny aprily 1834, tao Kirtland, Ohio, dia nampivory ireo rehetra izay nihazona ny fisoronana tao amin'ny tranon-tsekoly kely iray tokony teo amin'ny 4,3 metatra tora-droa teo ny mpaminany Joseph Smith. Am-polony maro amin'izany tranon-tsekoly izany no tafiditra ato amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonambe ity, ary mbola hisy toerana malalaka. Nilaza i Joseph Smith hoe: "Olona vitsy kely ao amin'ny fisoronana fotsiny no tazanareo eto anio hariva, kanefa ity Fiangonana ity dia hanenika an'i Amerika Avaratra sy Atsimo—hameno an'izao tontolo izao izy ity."

That prophecy is being fulfilled "right before our eyes." The Church of Jesus Christ of

Tanteraka "eo ambany masontsika mihitsy" izany faminaniana izany. Mitombo isa ireo mpi-

Latter-day Saints is growing in members and families, missions and missionaries, meetinghouses and temples, and in enrollment in our seminaries, institutes, and universities all around the world.

kambana sy fianakaviana, misiôna sy misiônera, trano fivoriana sy tempoly, ny fisoratana anarana amin'ireo seminera sy institiota ary oniversite antsika manerana an'izao tontolo izao ato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

We are grateful to be on earth when the Church is increasing in numbers and influence, but more importantly in the hearts and lives of its members. We are known as disciples of Jesus Christ. We share our testimonies of Him, His Church, His ways, and His covenant path. We are His people, and He is our Savior.

Feno fankasitrahana isika miaina eto an-tany amin'izao fotoana itomboan'ny Fiangonana sy ananany hery mitaona bebe kokoa hatrany izao, indrindra fa eo amin'ny fo sy ny fiainan'ireo mpikambana ao anatiny. Mpianatr'i Jesoa Kristy no ahafantarana antsika. Mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba Azy, sy ny Fiangonany, sy ny fombany ary ny lalan'ny fanekempihavanany isika. Vahoakany isika ary Izy no Mpamonjy antsika.

I marvel at what President Nelson calls the "majesty of this moment"and express profound gratitude to the Lord for His work. I encourage us to stand tall as His disciples, eyewitnesses of the fulfillment of prophecy, both ancient and modern.

Talanjona aho amin'ilay antsoin'ny Filoha Nelson hoe "ny maha-be voninahitra izao fotoana izao" ary maneho fankasitrahana lalina ny Tompo aho noho ny asany.Mamporisika antsika aho mba hijoro amin'ny maha-mpianany antsika, vavolombelona manatri-maso ny fahatanterahan'ny faminaniana, na ny fahiny na ny maoderina.

There are naysayers who shout, "'Lo, here!' and … 'Lo, there!'"just as they did in the Prophet Joseph Smith's time. However, they are and will be but mere footnotes in this noble work. Remember the words of Joseph Smith: "No unhallowed hand can stop the work from progressing; persecutions may rage, … but the truth of God will go forth boldly, nobly, and independent, till it has penetrated every continent, visited every clime, swept every country, and sounded in every ear, till the purposes of God shall be accomplished, and the Great Jehovah shall say the work is done."

Misy ireo mpitsikera mihiaka hoe "Indro, aty sy Indro, ary!"tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ny andron'ny mpaminany Joseph Smith. Fanamarihana ambany pejy fotsiny anefa izy ireo ato anatin'ity asa mendri-kaja ity ary ho izany hatrany. Tsarovy ny tenin'ny mpaminany Joseph Smith manao hoe: "Tsy hisy tanan'ny ratsy fanahy afaka hanakana ny fandrosoan'ity asa ity. Handrovitsihy ny fanenjehana … kanefa ny fahamarinan' Andriamanitra dia handroso amim-pahasahiana, amim-boninahitra ary tsy hiankina amin-javatra hafa, mandra-panenik'izany ireo kaontinanta rehetra, hitsidihan'izany ny havoana rehetra, handalovany ny firenena rehetra ary hikasihan'izany ny sofina rehetra, ka ho tanteraka ny tanjon' Andriamanitra ary hilaza ilay Jehovah Lehibe hoe vita ny asa."

In my assignments this year, I have had a front-row seat to the Lord hastening His work. The Church is building temples at an unprecedented pace, giving more members an opportunity to worship in the house of the Lord. Second, missionary work is gathering record numbers to the fold of the Good Shepherd, Jesus Christ. And third, Church education in many configurations is at a new high in teaching those who "seek this Jesus."

Tamin'ireo asa nanirahana ahy tamin'ity taona ity dia nahazo seza teo anoloana mihitsy aho nijery ny Tompo manafaingana ny asany. Manorina tempoly amin'ny hafainganam-pandeha tsy mbola nisy toy izany ny Fiangonana, ka manome fahafahana ho an'ny mpikambana bebe kokoa hitsaoka ao amin'ny tranon'ny Tompo. Faharoa, manangona olona maro tsy misy ohatr'izany ao amin'ny valan'i Jesoa Kristy, ilay Mpiandry tsara, ny asa fitoriana ny filazantsara. Ary fahatelo dia tafiakatra amin'ny ambaratonga avo dia avo ny

Today the Church has 367 temples in various stages of design, construction, or operation. And for what purpose? The answer is proclaimed on each temple: "Holiness to the Lord."The temple opens the way to the highest blessings our Father in Heaven has for each one of us. Brothers and sisters, we are hastening our holiness as we live temple worthy, as we worship in the house of the Lord, and as we make covenants with God for ourselves and on behalf of our ancestors on the other side of the veil.

President Nelson has said: "The assaults of the adversary are increasing exponentially, in intensity and in variety. Our need to be in the temple on a regular basis has never been greater. I plead with you to take a prayerful look at how you spend your time."In His house we can feel the Lord's hallowed presence and transcendent peace.

Last year I was privileged to preside at the dedication of the Mendoza Argentina Temple. In my message, I referred to Elder Melvin J. Ballard's 1926 prophecy that the work of the Lord would grow slowly for a time in South America, "just as an oak grows slowly from an acorn. It will not shoot up in a day," but thousands would join the Church, and the nations of South America would become "a power in the Church."I saw that prophecy fulfilled right before my eyes.

Mendoza, once a small acorn, has become a mighty oak. That growth is being repeated across continents and isles of the sea.

We see the Lord hastening His work in missions. In 2024, 80,000 missionaries were serving in 450 missions.Thirty-six of those are new missions.Last year missionary work brought over 308,000 new members into the Church. More than numbers, the spirit of the gathering is bringing souls to Jesus Christ and His gospel.

fampianarana ao amin'ny Fiangonana amin'ny fampianarana ireo izay "mikatsaka ity Jesoa ity."

Ankehitriny dia manana tempoly miisa 367 ny Fiangonana izay samy eo amin'ny ambaratongan'ny dingana famolavolana na fanorenana na fampandehanana azy avy. Ary inona no tanjon'izany? Ambara eo amin'ny tempoly tsirairay ny valiny: "Hamasinina ho an'i Jehovah."Ny tempoly dia manokatra ny lalana hahazoana ny fitahiana ambony indrindra natokan'ny Ray any An-danitra ho antsika tsirairay. Rahalahy sy ranabavy, manafaingana ny fahamasinantsika isika rehefa miaina mendrika ny hiditra ny tempoly, sy rehefa mitsaoka ao amin'ny tranon'ny Tompo, ary rehefa manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra ho an'ny tenantsika sy eo amin'ny toeran'ireo razambentsika any amin'ny lafy ilan'ny voaly.

Nilaza ny Filoha Nelson hoe: "Mitombo be hatrany hatrany ny fanafihan'ny fahavalo, na amin'ny heriny izany na amin'ny karazany. Tsy mbola lehibe toy izao ny filantsika mandeha matetika tsy tapaka any amin'ny tempoly. Miangavy anareo aho mba hijery ombam-bavaka ny fomba fandanianareo ny fotoananareo."Any amin'ny tranony isika dia afaka mahatsapa ny fanatrehana masin'ny Tompo sy fiadanana mahatalanjona.

Tamin'ny taon-dasa dia nanana tombontsoa manokana aho niahy ny fanokanana ny Tempolin'i Mendoza Argentine. Tao anatin'ny hafatro aho dia niresaka ny faminanian'ny Loholona Melvin J. Ballard tamin'ny 1926 hoe hiadam-pitombo mandritra ny fotoana kely ny asan'ny Tompo any Amerika Atsimo, "tahaka ny oaka maniry miadana avy amin'ny voa kely iray. Tsy hitsimoka ao anatin'ny iray andro izany," saingy an'arivony no hikambana amin'ny Fiangonana, ary ireo firenena ao Amerika Atsimo dia ho lasa "hery ato am-piangonana."Hitako tanteraka teo ambany masoko mihitsy izany faminaniana izany.

I Mendoza, izay voa kely iray taloha, dia lasa oaka mijoalajoala. Miverina mitranga manerana ireo kaontinanta sy nosin-dranomasina izany fitomboana izany.

Hitantsika ny Tompo manafaingana ny asany ao amin'ireo misiôna. Tamin'ny 2024 dia misiônera miisa 80.000 (valo alina) no nanompo tao amina misiôna miisa 450.Misiôna vaovao ny enina amby telopolo amin'ireo.Tamin'ny taon-dasa dia nitondra mpikambana vaovao mihoatra ny 308.000 tato amin'ny Fiangonana ny asa fitoriana ny filazantsara.Mihoatra noho ireo isa dia mi-

tondra fanahy mankany amin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany no tanjon'ny fanangonana.

I think of the Apostles Brigham Young and Heber C. Kimball, who in 1839 set off as missionaries to the British Isles. They were ill; they left families sick and destitute. Nevertheless, the two climbed into a wagon, and while still in sight of their loved ones, Heber said, "Let's rise up and give them a cheer." The two struggled to their feet and shouted, "Hurrah, hurrah for Israel."

Mieritreritra an'ireo Apôstôly Brigham Young sy Heber C. Kimball izay nandeha nanao asa fitoriana nanomboka tany amin'ireo nosy britanika tamin'ny 1839 aho. Narary izy ireo. Namela ny fianakaviany narary sy nahantra izy ireo. Na dia teo aza izany dia niondrana an-tsarety izy roa, ary raha mbola tazan'ireo olon-tiany izy ireo dia hoy i Heber hoe: "Andeha hitsangana dia hihiaka am-pifaliana." Tamin-kasarotana izy roa lahy no nitsangana ary nihiaka hoe: "Hora, hora ho an'i Isiraely."

I saw that same enthusiasm for the Lord's work in Lima, Peru, when I met with missionaries from the missionary training center and missions in Lima. What a sight! I saw the hastening right before my eyes. There are now seven missions in just the city of Lima.

Nahita hafanam-po toy izany ho amin'ny asan'ny Tompo koa aho tany Lima, Pérou, rehefa nihaona tamin'ireo misiônera tao amin'ny ivon-toerana fanofanana misiônera sy ireo misiôna ao Lima. Tena nahavariana. Hitako teo ambany masoko mihitsy ilay fanafainganana. Amin'izao fotoana izao dia misy misiôna fito ao amin'ny tanànan'i Lima fotsiny.

At the end of our meeting, the missionaries had a special surprise for me. They rose up and cheered, "Hurrah for Israel." I will never forget that moment; I wish all of you could have been there. Right before my eyes were missionaries who had set aside "the things of this world"to serve the Lord and help hasten His coming.

Nanao zavatra tsy nampoizina manokana ho ahy ireo misiônera, tamin'ny faran'ny fivorianay. Nitsangana izy ireo ary nihiaka hoe: "Hora ho an'i Isiraely." Tsy ho hadinoko mihitsy izany fotoana izany, tena tiako raha mba tany koa ianareo. Teo ambany masoko mihitsy ireo misiônera izay nahafoy ny "zavatr'izao tontolo izao"mba hanompoana ny Tompo sy hanampiana amin'ny fanafainganana ny fiaviany.

We see the Lord hastening educational opportunities for our members and even those not of our faith around the world. One of the things that distinguishes us as a church is our emphasis on education. The Lord commanded in the early days of the Restoration to "seek learning, even by study and also by faith."That is happening today and is worthy of a resounding "hurrah."

Hitantsika ny Tompo manafaingana ny fahafahan'ireo mpikambana ato amintsika mahazo fianarana, ary eny hatramin'ny tsy mpikambana mihitsy aza, manerana izao tontolo izao. Anisan'ireo zavatra mampiavaka ny fiangonantsika ny fanamafisantsika ny fianarana. Nandidy ny Tompo tany am-piandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny mba "hikatsaka fianarana, amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana."Mitranga izany ankehitriny ary mendrika ny homena "hora" manakoako.

Currently more than 800,000 students worldwide are enrolled in seminary and institute, the highest enrollment in the history of the Church. Our youth gather in a variety of ways, from early-morning, daytime, and evening classes to online and in-home study. They are a mighty and righteous battalion, gaining strength from each other as they learn of Jesus Christ, follow, and testify of Him as the Son of God.

Amin'izao fotoana izao dia mpianatra maneran-tany mihoatra ny 800.000 no voasoratra anarana ao amin'ny seminera sy institiota, fisoratana anarana betsaka indrindra teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana.Mivory amin'ny fomba maro isan-karazany ireo tanorantsika manomboka amin'ireo kilasy vao maraina, ny antoandro, ary ny hariva hatramin'ny fianarana anjotra sy any an-tokantrano. Tafika mahery sy marin-toetra izy ireo, izay mifanome hery rehefa ampianarin'i Jesoa Kristy sy manaraka ary mijoro

Last fall I spoke at a devotional to an arena full of seminary and institute students and their parents at the University of Utah.Their attendance said much about their desire to know and follow Jesus Christ. My message to those students was clear: Give the Lord equal time. I counseled them to balance their studies with true higher learning, even a study of "the Son of the living God."

ho vavolombelona momba Azy ho zanak' Andriamanitra.

Tamin'ny fararano lasa teo aho dia nanao lahateny nandritra ny fampaherezam-panahy tao amin'ny kianja iray feno mpianatra seminera sy institiota ary ny ray aman-drenin'izy ireo tao amin'ny Oniversiten'i Utah.Maneho betsaka ny fanirian'izy ireo hahafantatra sy hanaraka an'i Jesoa Kristy ny fanatrehan'izy ireo. Nazava ny hafatra nomeko ireo mpianatra ireo: Omeo fehim-potoana mitovy ny Tompo. Nomeko torohevitra izy ireo mba hampifandanja ny fianaran'izy ireo amin'ilay fianarana avo kokoa, dia ny fandalinana momba ilay Zanak' Andriamanitra velona.

I ask the same of everyone today: Whatever is on your to-do list, give equal time, not spare time, to the Lord in personal scripture study, family study ofCome, Follow Me, prayer, Church callings, ministering, partaking of the sacrament, worshipping in the temple, and pondering the things of God. Our Lord and Savior has said, "Learn of me … and ye shall find rest unto your souls."Take Him at His word. And give Him equal time.

Angatahiko aminareo tsirairay koa izany anio: Na inona na inona eo amin'ny lisitry ny zavatra hataonao, dia omeo fotoana mitovy ny Tompo, fa tsy fotoana malalaka, handalinana manokana, handalinana miaraka amin'ny fianakaviana nyAvia, hanaraka Ahy, hivavahana, hanatanterahana ireo antso ato am-piangonana, hanompoana, handraisana ny fanasan'ny Tompo, hitsaohana any amin'ny tempoly, ary hisaintsainana ireo zavatr' Andriamanitra. Efa nilaza ny Tompo sy Mpamonjy antsika hoe: "Mianara amiko … dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo."Raiso amin'ny teniny Izy. Ary omeo fehim-potoana mitovy Izy.

President Nelson has said: "I plead with you to let God prevail in your life. Give Him a fair share of your time. As you do, notice what happens to your positive spiritual momentum."

Nilaza ny Filoha Nelson hoe: "Miangavy anareo aho mba hamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanareo. Omeo ampahany araka ny tokony ho izy amin'ny fotoananao Izy. Rehefa manao izany ianao dia jereo ny zavatra mitranga amin'ilay fahavitrihana ara-panahy amin'ny tsara ao aminao."

We see that momentum building at seminaries, institutes, and Church universities. In these environments, the Lord is a priority. So should He be in each one of our lives.

Hitantsika miorina izany fahavitrihana izany any amin'ireo seminera sy Institiota ary oniversiten'ny Fiangonana. Any amin'ireo tontolo ireo dia ny Tompo no laharam-pahamehana. Dia tokony ho izany koa Izy ao amin'ny fiainantsika tsirairay.

Another area that shows the growing reach of education in the Church is BYU–Pathway Worldwide. Across the world, enrollment has reached nearly 75,000 and continues to grow rapidly. Most are members, and more than one-third are in Africa.Pathway is all about access to education. Completing the courses means access to employment, and access to employment means a better life for families and more opportunities to serve the Lord.

Sehatra iray hafa izay mampiseho ny fiantrakany lehiben'ny fampianarana ato amin'ny Fiangonana ny BYU–Pathway Worldwide. Efa ho nahatratra teo amin'ny 75.000 teo ny fisoratana anarana maneran-tany ary mbola tsy mitsaha-mitombo haingana hatrany. Mpikambana ny ankamaroan'izy ireo, ary mihoatra ny ampahatelony no any Afrika.Ny tanjon'ny Pathway dia ny hahazoan'ny olona maro fianarana. Ny fahavitana ireo taranja dia midika fahafahana mahazo asa, ary ny fahazoana asa dia midika fiainana tsara

When I was meeting with stake leaders in Uganda, I learned that the entire stake presidency was enrolled in BYU–Pathway. The more prepared we are temporally and spiritually, the more we can thwart the adversary's cunning attacks. Remember the words of Peter: "The devil, as a roaring lion, walketh about, seeking whom he may devour."

I recognize that in the midst of the good news of the gospel, there are those who struggle, who have faith challenges, doubts, and questions that seem to have no answers. Brothers and sisters, Jesus Christ is the answer.Start with Him. Look for His hand in your life. Listen to Him. "Let not your heart be troubled,"He said in His last hours to His disciples before Gethsemane,before carrying His cross through the streets of Jerusalem,before Golgotha,where He completed His atoning sacrifice—what only He, the Begotten Son of God, could do.

Know that He understands. He took upon Himself all our sins,mistakes, misery, and very bad days that we might live again with our Father in Heaven in eternity.He has said, "Look unto me in every thought; doubt not, fear not."Faith in Jesus Christ can lift you upand heal your wounded soul.Trust Himand you will hasten your return to "the arms of his love."

I emphasize again the words of our living prophet: "Do you see what is happeningright before our eyes? I pray that we will not miss the majesty of this moment! The Lord is hastening His work."May we as disciples of our day shout, "Hurrah for Israel" as we prepare for the return of our Lord and Savior. In the name of Jesus Christ, amen.

kokoa ho an'ireo fianakaviana sy fahafahana bebe kokoa hanompo ny Tompo.

Rehefa nihaona tamin'ireo mpitarika tao amin'ny tsatòka tao Ouganda aho dia nahafantara fa nisoratra anarana tamin'ny BYU–Pathway avokoa ireo mpikambana tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka. Arakaraka ny mahavonona antsika ara-batana sy ara-panahy no ahafahantsika manohitra ireo fanafihana feno hafetsena ataon'ny fahavalo. Tsarovy ny tenin'i Petera manao hoe: "Ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany."

Fantatro fa eo anivon'ny vaovao tsaran'ny filazantsara dia misy ireo izay miady mafy, manana olana ara-pinoana, fisalasalana, ary fanontaniana izay toa tsy ahitam-baliny. Rahalahy sy ranabavy, i Jesoa Kristy no valiny.Atombohy Aminy. Katsaho ny fitarihan'ny tanany eo amin'ny fiainanao. Henoy Izy. "Aza malahelo ny fonareo,"hoy Izy tamin'ireo mpianany nandritra ireo ora farany niainany talohan'ny Getsemane,mialoha ny nitondrany ny hazofijaliany namakivaky ireo lalan'i Jerosalema,talohan'ny Golgota,izay nanatanterahany ny sorompanavotany, izay Izy irery ihany, ilay Zanakalahin' Andriamanitra, no afaka nanatanteraka azy.

Aoka ho fantatrao fa mahatakatra Izy. Nitondra teo Aminy ny fahotantsika Izy,ny fahadisoantsika, ny fahoriantsika, ary ireo andro tena sarotra amintsika mba hahafahantsika miaina indray miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra any amin'ny mandrakizay.Hoy Izy hoe: "Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra."Ny finoana an'i Jesoa Kristy dia afaka hanandratra anaosy hanasitrana ny fanahinao maratra.Matokia Azydia hanafaingana ny fiverenanao ho eo "amin'ireo sandrim-pitiavany" ianao.

Hamafisiko indray ireo tenin'ny mpaminanintsika velona manao hoe: "Hitanareo ve ny zavatra mitranga izayeo ambany masontsika mihitsy? Mivavaka aho mba ho tsikaritsika ny maha-be voninahitra izao fotoana izao! Manafaingana ny asany ny Tompo."Enga anie isika mpianatra amin'izao androntsika izao hihoraka hoe "Hora ho an'i Isiraely" eo am-piomanantsika amin'ny fiverenan'ny Tompontsika sy Mpamonjy antsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.